

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Tanindrazana-Fahafahana-Fahandrosoana**

.....

**MINISTERAN'NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETI-BOLA**

**VOLAVOLAN-DALANA**

Lalàna Fandravonana ny Fitantanana ny Volam-panjakana taona 2006

**NAOTY FAMPIDIRANA**

-----

Andriamatoa Filohan'ny Repoblika,

Andriamatoa Praiministra, Lehiben'ny Governemanta,

Andriamatoa sy Ramatoa Minisitra,

Andriamatoa sy Ramatoa Ministra Lefitra,

Andriamatoa Sekreteram-panjakana,

Ho fampiharana ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, ny teti-bolam-panjakana isan-taona sy ireo kaonty mifanaraka aminy dia tsy maintsy anaovana tatitra ny fanatanterahana azy, izay miendrika Lalàna, antsoina hoe « Lalàna fandravonana ny Fitantanana ny Volam-panjakana »

Atolotra araka ny fepetran'ny Lalàna Fehizoro izay voalaza etsy ambony andaniny ary ny Politika fototry ny Fanjakana izay miorina amin'ny mangarahara sy ny fanjakana tsara tantana ankilany, ampahafantarinay manaraka eto ny Volavolan-dalàna fandravonana ny fitantanana ny volam-panjakana taona 2006 izay:

- Nizaha ifotony ny sora-bola farany ny vola niditra sy ny fandaniana voaloa nandritra ny fotoam-piasana,
- Nitsinjo ny fankatoavana ny fanatanterahana ny lahasam-pamokarana izay nahazo famatsiam-bola voafaritra,
- Mandrafitra ny kaontim-bokatry ny fitantanana 2006, ary manome alalana ny fampizakana ireo vokatra ao amin'ny « Kaonty Maharity ny Vokatry ny Tahirim-bolam-panjakana »

Izay no antonanton'ity Naoty atolotray am-panajana mba ho ankatoavinareo ity.

**NY MINISTRY NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETI-BOLA**

**Haja Nirina RAZAFINJATOVO**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
**Tanindrazana-Fahafahana-Fahandrosoana**

.....

**GOVERNEMANTA**

**DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA**

Anolorana eo anatrehan'ny Parlemanta ny volavolan-dalàna tamin'ny hankatoavana ny Fitantanana ny Volam-panjakana taona 2006

**NY PRAIMINISTRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA,**

Arakan ny Lalàm-panorenana,

Arakan ny Didim-panjakana laharana faha-2007-022 tamin'ny 20 january 2007 manendry ny Praiministra, Lehiben'ny Governemanta,

Arakan ny Didim-panjakana laharana faha-2008-427 tamin'ny 30 april 2008 nasiam-panovana sy nampiana tamin'ny alalan'ireo Didim-panjakana laharana faha- 2008-596 tamin'ny 23 jona 2008 sy laharana faha-2008-766 ny 25 jolay 2008 mikasika ny fanendrena ny mambra ny Governemanta

**DIA MAMOAKA IZAO DIDY IZAO:**

**Andininy voalohany :**

- Ny volavolan-dalàna hankatoavana ny Fitantanana ny Volam-panjakana laharana faha-tamin'ny lany teo amin'ny Filankevitry ny Minisitra tamin'ny , natovana amin'ity didim-panjakana ity ary mitondra andininy 8, dia atolotra eo anatrehan'ny Parlemanta,
- Voamarina ny maha-maripototra an'ireo velarana sy atotan-taratasy narafitry ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola natovana ity Volavolan-dalàna ity.

**Andininy faharoa :**

- Ny Ministry ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola no hanao famelabelarana ny antonantony sy hanohana ny adi-hevitra

Natao teto Antananarivo, ny

**Avy amin'ny Praiministra,**

**Lehiben'ny Governemanta,**

**Charles RABEMANANJARA**

**Ny Ministry ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola**

**Haja Nirina RAZAFINJATOVO**

## FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Atolotra araka ny fepetran'ny andininy 43 sy 44 ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 mikasika ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, ity Volavolan-dalàna hankatoavana ny Fitantanana ny Volam-panjakana ity dia mamaritra ny fanantanterahana ny Tetibolam-panjakana taona 2006.

Arak'izany, ity Volavolan-dalàna ity, izay narafitra avy amin'ireo atotan-taratasy « Bordereaux de Crédits Sans Emploi » nomen'ireo sampan-draharaha ny Ministera Mpifehy ny vola rehetra, ary voamarina fa mitovy amin'ny sorabolan'ny Mpitam-bolan'izy ireo tsirairay avy nandritra ny taona 2006, dia milaza « ny Kaonty Maharity ny Tahirimbolam-panjakana vokatry ny fampiasambolam-panjakana »

Ireo fanavaozana ara-tsosialy sy ara-toekarena notanterahana nandritra ny taona maromaro izay dia nitarika ny fitomboana tokoa teo amin'ny harikarena sy fiovana tanteraka ho an'ny firenena. Ankoatry ny fitotonganana nateraky ny krzy taorian'ny ny fifidianana tamin'ny 2002, ny toekarena dia tsy nitsaha-nitombo marina tokoa hatrany. Tao anatin'ny taompolo maromaro izay, ny fampidirana ireo didy aman-dalàna vaovao izay nilàna ezaka mafy ny fampiharana sy ny fandraisana azy, dia nitondra fanatsarana sy fanavaozana lalina teo amin'ny fitantanam-bolam-panjakana.

Fanamby ho an'i Madagasikara ny hanatrarana ireo Tanjon'ny Taonarivo Fahatelo ho amin'ny Fampandrosoana mba hampihenana ho antsasany ny fahantrana amin'ny taona 2015. Ny paikady ampiasaina ho fampiharana io politika io dia noraiketina tao anatin'ny Tahirin-kevitra Paikady ho Fampihenana ny Fahantrana (DSRP) izay nohavaozina tamin'ny volana Jona 2005 ary hifarana ny 31 Desambra 2006. Ny Madagasikara Am-Perinasa (MAP), izay planina anatin'ny dimy taona miantomboka ny taona 2007 ka hatramin'ny taona 2011, dia mifototra amin'ireo vokatra azo tamin'ny DSRP ary handimby azy. Ny tanjon'ny MAP dia ny hanao vikina ara-kalitao eo amin'ny asa fampandrosoana amin'ny alàlan'ny planina manavao mandritry ny dimy taona izay hanentana ny vahoaka Malagasy sy ireo mpiray ombonantoka iraisam-pirenena, hanomboka ny fitomboana haingana eo amin'ny toekarena, sy hitarika ny fihenan'ny fahantrana, ary hiantoka ny fampandrosoana ny firenena ho setrin'ireo fanamby amin'ny fanatontoloana sy mifanaraka amin'ny vina "Madagasikara Voajanhahary".

Ny politika ara-toekarena izay mizotra ho amin'ny fampiroboroboana ny toekarena dia mitaky ny fampientanana indray ny tolota faobe sy ny fampitomboana ny fampiasambola ataon'ny fanjakana, indrindra ao amin'ireo sehatra nomen-daharam-pahamehana toy ny fampianarana, ny fahasalamana, ny fotodrafitsara ary ny fitsarana. Toy izany koa eo amin'ny sehatra tsy miangina, mba ho fampitomboana hatrany ny sanda voaary, ny toekarena mifototra amin' izay mahavelona fotsiny ihany dia hivoatra ho amin'ny toekarena mitodika amin'ny tsena, ny fihariana eny ambanivohitra dia hivelatra ho any amin'ny toekarena industrialy ary ny fisokafana amin'ny sehatra ivelany dia hihamafy orina amin'ny alalan'ny fifanakalozana ara-barotra iraisam-pirenena sy ao anatin'ny faritra.

Mitoetra ho an'i Madagasikara ny fitokisana sy ny fanohanana'ireo mpiray ombonantoka aminy aratekinika sy ara-bola amin'ny fanatanterahana ireo asa ireo. Izany fitomboan'ny fitokisana izany izay azo

taorian'ireo fanavaozana maro teo amin'ny fitantanana ny toe-karena, indrindra teo amin'ny fitantanam-bolam-panjakana dia nahafahana nanova ireo fanohanana avy any ivelany ho fanampiana ara-tetibola. Nanamarika ny taona 2006 ireo fanamaivanan-trosa avy amin'ny Hetsika Marolafy ho Fanafoanana ny Trosa avy amin'ireo Fikambanana Iraisam-pirenena (IADM), ary koa ny fisian'ireo fandaharanasa miaraka amin'ireo mpamatsy vola, singanina amin'izany ny fandaharan'asa vaovao mandritry ny telo taona iarahana amin'ny FMI, ao anatin'ny Famatsiana ho Fampihenana ny Fahantre aray ho amin'ny Fampitomboana ny toekarena (Facilité pour la Réduction de la Pauvreté et pour la Croissance : FRPC).

Ankilan'izany, ny fandraisana an-tratra ireo famotsoran-trosa avy amin'ny hetsika marolafy IADM ary koa ny famatsiana ampy sy feno ny sorabola momba ny TVA mifandraika amin'ny fampiasam-bola ataon'ny fanjakana dia nitarika ny fanombanana vaovao teo amin'ireo tanjona momba ny harifaobe izay noraikeina ao amin'ny lalàna fanitsiana mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ho amin'ny taona 2006. Ankoatr'ireo, nisy koa ireo antony hafa nanamafy ny fanapahan-kevitra ny hanao Lalàna Fanitsiana mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana toy ny fihemorana teo amin'ny fivoahan'ny fanampiana ara-tetibola sy ny vokatra teo amin'ny vola miditra amin'ny fanjakana noho ny fihenan'ny fanafarana entana, indrindra ny solika.

## I. VOKATRA ARA-TOEKARENA SY ARA-BOLA 2006

### Famokarana

Nampihena ny vokatra ara-toekarena ireo trangan-javatra izay niseho tao anatin'ny telo volana voalohan'ny taona 2006. Ny tsy fahampian'ny orana dia niantraika tamin'ny vokatra ara-pambolena indrindra ny vary, ary tamin'ny famokarana herin'aratra. Ny fisian'ny aretina Chikungunia, na dia tsy nihanaka be loatra aza, dia nampareforefo ny sehatry ny fizahan-tany. Na dia nisy aza ireo tranga ivelany samy hafa ireo, dia 5% ny fitomboan'ny harinkarena 2006. Izany fihakaran'ny harinkarena izany dia azo avy amin'ny fampiasam-bola betsaka izay vinavinaina ho 25,3% -n'ny Harikarena Faobe ka ny 10,5% amin'izany dia avy amin'ny fampiasam-bola ataon'ny fanjakana ary ny 14,7% kosa dia avy amin'ny fampiasam-bola ataon'ny sehatra tsy miankina.

Fafana 1 : **Tondro ara-toekarena sy ara-bola**

		<b>Fanatanterehana 2006</b>
<b>Tondro ara-toekarena sy ara-bola</b>		
<b>Kaontim-pirenena</b>		
Fisondrotry ny HAF amin'ny sanda andavanandro		17,1
Fisondrotry ny HAF amin'ny sanda tsy miova		5,0
Tondrobidin'ny HAF		11,5
Tondrobidim-piaianana		
<i>Sala mandritra ny taona</i>		10,8
<i>Faran'ny vanim-potoana</i>		10,9
<b>Sehatra ivelany (kajiana amin'ny DTS)</b>		
Fanondranana entana, f.o.b.		15,4
Fanafarana entana, c.a.f.		5,3
<u>Loharano</u> : Fitondram-panjakana, tombatombana sy vinavinan'ny sampandrahara		ny vola

Ny seha-pamokarana voalohany no tena voa mafy indrindra tamin'ireo trangan-javatra. Noho izany, ny vokatra ao amin'io sehatra io dia hitombo 2,1% raha ampitahiana amin'ny vinavina izay 3,5%. Ny tsy fahampian'ny orana nandrity ny fahavaratra no nahatonga ny fihenan'ny voka-bary ho 150.000 taonina raha novinavinaina ho 3.930.000 taonina izany.

Izany tsy fahampian'ny orana izany dia nisy fiantraikany ratsy ihany koa teo amin'ny famokarana herinaratra avy amin'ny riandrano sy teo amin'ny famokarana ara-industria. Ny famokaran'ny orinasa afakaba dia tsy nihetsika loatra. Na dia teo aza ireo trangan-javatra niseho nandrity ny telovolana voalohany dia nisy fihatsarany ihany ny vokatra ao amin'ny seha-pamokarana faharoa ka niakatra 3,5%. Izany fitomboana izany dia vokatry ny firoboroboan'ny sampana fanaovantrano izay nateraky ny fandrosoan'ny asa vaventy, ny firoboroboan'ny industria mamokatra taratasy noho ny fitomboan'ny tinady ateraky ny fifidianana filohan'ny Repoblika.

Ny sehatra fahatelo no fototra nitarika ny betsaka indrindra tamin'ny fitomboan'ny Harinkarena Anaty Faobe. Kely kokoa ny fitomboana tao amin'io sehatra io raha oharina amin'ny vinavina noho ny fahataran'ny famoaham-bola ho hampiasain'ny fanjakana ho an'ny sampana Tao-Trano sy Asa Vaventy sy ny fahavitsian'ny mpizahatany noho ny tahotra ny valan'aretina Chikungunia. Na teo aza ireo zava-nitranga rehetra ireo dia ho 7,1% ny taha-pitomboan'ny sehatra fahatelo noho ny fiakaran'ny vokatra teo amin'ny Tao-Trano sy Asa Vaventy sy ny fihatsaran'ny vokatry ny sampana Fitaterana izay nateraky ny firoboroboan'ny fotodrafirasa ary koa noho ny fandrosoan'ny sampana Fifandraisian-davitra.

Fafana 2 : Tahatombon'ny harikarena isaky ny sampan'asa (Kaontim-pirenena)

<b>Tahatombon'ny harikarena isaky ny sampan'asa</b>	<b>Réalisation</b>
<u>Sehatra voalohany</u>	<b>2,3</b>
Fambolena	2,7
Fiompirana sy jono	2,0
Sylviculture	1,1
<u>Sehatra faharoa</u>	<b>3,8</b>
Sakafo sy zava-pisotro	9,5
Orinasa afakaba (ZFI)	0,1
Angovo	4,5
Orinasa mpitrandraka	9,2
Hafa	-5,9
<u>Sehatra fahatelo</u>	<b>7,3</b>
Fitanterana entana	8,8
Fitanterana olona	3,2
Varotra	4,5
Raharaha	5,6
Fampandehanan-drahahaha	2,2
Asa vaventy, fanorenana	22,6
<u>Fanjifana</u>	<b>87,8</b>

Governemanta	8,7
Tsy miankina	79,1
<b>Hanam-pamokarana faobe</b>	<b>23,2</b>
Governemanta	10,2
Tsy miankina	13,0
Tahiry anaty faobe	14,6
<b>HAF amin'ny sansan-tsena</b>	<b>11 815</b>

Loharano : Fitondram-panjakana, tombatombana sy vinavinan'ny sampandraharan'ny vola  
Fisondrotry ny vidim-piaainana

Nisy fihatraikany teo amin'ny vidin-javatra teto an-toerana ny fidangan'ny vidin'ny solika iraisam-pirenena nandrity ny enim-bolana voalohany ka nahatonga ny tahan'ny fisondrotry ny vidimpiaianana ho 8,8% ny volana febroary ka hatramin'ny 13,6% ny volana jiona 2006. Ny fihenana kely hita teo amin'ny vidim-bary (-18,8%) dia nanalefaka ny fiakaran'ny vidin'ny vokatra voahodina fanafatra. Noho io fironan'ny vidim-piaianana hidina nanomboka ny volana jolay (+11,3%) io dia noheverina ho +10,8% ny tahan'ny fisondrotry ny vidimpiaianana ny faran'ny taona 2006 raha +11,4% ny vinavina. Ny fanoziana ny fampiharana ny politika ara-bola malina dia nandray anjara lehibe tamin'io fihenana'ny vidim-piaianana io, ary izany dia mifandrindra amin'ny politika ara-teti-bola mifandraika amin'ny fitantanana ny vola ampiasaina.

#### Sehatra ivelany

Ny fanondranana entana malagasy, raha kajiana amin'ny DTS, dia heverina fa hiakatra 3,8%ny taona 2006. Ny fiakaran'ny vidin'entana sy ny fitotongan'ny sandambola dia mitarika ny fidinana -6,1% ny fanafarana entana. Ny fatiantoka eo amin'ny toe-danja-pifanakalozana, ao anatin'izany ny fanomezana, dia nahatratra -8,7%. Ny tahirim-bola vahiny ofisialy faobe dia hahavita fanafarana entana 2,9 volana.

Mikasika ny toe-danja ara-barotra ivelany kosa dia niakatra be ny fanondranana entana (+32%) fa ny fitomboana teo amin'ny fanafarana entana kosa dia kely. Na izany aza ny fiverenan' ny asa ara-toekarena amin'ny laoniny dia hita taratra amin'ny fiakaran'ny fanafarana fitaovana, angovo ary ny fanafarana entana ataon'ny orinasa afakaba. Ny fanondranana makamba sy vato toy ny kraoma ary ireo vokatry ny orinasa afakaba no tena nanatevina ny vola miditra avy amin'ny fanondranana entana. Ho an'ny lavanila kosa, na dia teo aza ny fiakaran'ny ny vidin'ny vokatra haondrana nandrity ny telo volana faharoa, dia kely ihany ny hadirin'ny vokatra naondrana. Ny vola miditra avy amin'ny fizahan-tany dia niakatra avo roa heny ny telo volana voalohany ka hatramin'ny telovolana faharoa. Etsy andaniny, ny fanampiana ara-tetibola avy amin'ny Vondrona Eropeana, ny Banky Iraisam-pirenena ary ny Banky Afrikanina momba ny Fampandrosoana(BAD) no namatsy ny famindram-bola tsotra.

Nihena ny fiovaovan'ny sandambola nanomboka ny volana jolay tao aorian'ny fitotonganana 7,4% raha oharina amin'ny Euro ary 1,3% raha oharina amin'ny Dollar nandrity ny telovolana faharoa izay nifanaraka tamin'ny fiakarana be teo amin'ny Euro niohatra tamin'ny Dollar teo amin'ny tsena iraisam-pirenena, ary nandrity io vanimpotoana io teo koa ny herin'ny lanjan'ny tinadin'ny Dollar ao anatin'ny tsenan'ny vola vahiny (MID). Ny USD/Ariary aza nihatsara ny sandany.

#### Fitantanam-bolam-panjakana

Nihena ho 10,7% ny tahan'ny tsindrin-ketra raha novinavinaina ho 11,4% tany am-boalohany noho ny fahakelezan'ny vokatra azo nandritra ny telo volana voalohany. Ny fihenana'ny fanafarana entana nateraky ny famatsina ny tahiry tamin'ny fiafarana'ny tsy fandoavan-ketra (détaxation) ny taona 2005 sy ny fitotongan'ny

sandam-bola no nampihena ny vola niditra avy amin'ny fadin-tseranana ny voalohan'ny volana 2006. Ny famoriana vola dia nohamafisina tamin'ny fanatsorana ny rafitra fandoavan-ketra sy ny fanaovana hentitra ny fampiarana izany. Nohamafisina ny asa fizohiana sy fanaraha-maso. Ny tanjon'ny fampidirana hetra anatiny dia tratra ka raha 630,20 lavitrisa Ariary no novinavinaina dia 631,94 lavitrisa Ariary no tratra na 100,3%. Io fifandanjana io dia tanteraka nohon'ny fisondritry ny IRCM avy amin'ny tahan'ny fiakaran'ny zanabolan'ny Taratasimbolan'ny Tahirimbolam-panjakana avy amin'ny fanatanterahana amin'ny ampahany ny setrin'ny TTL ny PIP.Tsy nahatratra ny fetra nilaina ireo fomba ara-panjakana natao. Indrindra ny fampiasana ny SIGTAS izay tamin'ny ampahany ihany. Na izany aza dia ezaka lehibe no natao teo anivon'ny Foibem-pitondrana Ankapoben'ny Hetra tamin'ny fandrafetana sy fanampariahana firaketana fomba arahina izay nialohavan'ny fakankevitra midadasika teo amin'ny mpiasa.

Ny taona 2006 dia kihon-dalana lehibe teo anivon'ny Foibem-pitantanana Ankapoben'ny Hetra tamin'ny famolavolana paik'ady akaiky ezaka ahazoana vokatra tsara.

Eo amin'ny fandaniana, nitarina ny Rafi-pitantanam-bolam-panjakana mifandray tendro (SIGFP) mba ho feno tanteraka ny torohay momba ny fandaniam-bolam-panjakana, ary ho fanatsarana ny fampivondronana ho amin'ny toerana iray ireo tarehimarika rehetra amin'ny alalan'ny teknolojian'ny informatika. Satria ny fandaniana tsotra nandritry ny telo volana voalohany dia nihoatra ny vinavina, ny fanitsiana dia nampidina ny tahan'ny fandaniana ny taona 2006 11,5% ho 10,5%n'ny harinkarena faobe. Ny fandaniana amin'ny fampiasam-bola kosa dia nitombo ka nahatratra 11,0% n'ny harinkarena faobe raha toa ka 10,4% izany tany am-piandohana. Ny fanamaivanana ny trova tao amin'ny Hetsika Fanafoanana ny Trova avy amin'ireo Fikambanana Iraisam-pirenena (IADM) dia namatsiana ny fandaniana laharam-pahamehana. Ny vokatra azo ny faran'ny volana jolay dia mampiseho ny fihenan'ny fandaniana rehetra miohatra amin'ny fandaharan'asa natao, ny tahan'ny vokatra azo dia 86,8% ka ny 91,3% dia fandaniana tsotra ary ny 82,3% dia fandaniana amin'ny fampiasam-bola. Ny fahakelezan'ny tahan'ny fanantosana ny teti-bola fampandehanan-draharaoha dia noho ny fampihantonana ny fandraiketana hatramin'ny famoahaha ny torolalana (circulaire) ny 15 septambra 2006. Ny fandoavana ireo zana-bolan'ny trova anatiny koa dia nihoatra ny vinavina noho ny hamafin'ny fisondrotry ny tahan'ny zana-bolan'ny BTA (Bons de Trésor par Adjudication) noho ny tsy faharahan'ny tsena ny filan'ny "Tahirimbolam-Panjakana".

Voalohan'ny fanjakana ny trova ivelany sy ny fandraiketan'ny fitantanam-bolam-panjakana (Trésor) tamin'ny Banky Foiben' i Madagasikara. Ankoatr'izany ny fandaniam-bolam-panjakana ny taona 2006 sy 2005 dia nitovitovy ihany izany hoe manodidina ny 21,3% ny harinkarena Faobe. Ny fatiantoka eo amin'ny teti-bola dia hiakatra 577,2 lavitrisa Ariary. Ny faran'ny desambra dia nahatratra 3,8%n'ny harinkarena Faobe ny fatiantoka eo amin'ny tetibola raha tafiditra ny fanomezana ary nanalana kosa ny famindrana renivola IADM.

#### Zava-bitia isan-tsehatra (isan-jatony)

Famokarana : 12,6%

Fotodrafitr'asa : 46,40%

Sosialy : 30,21%

Fitantanana-draharaoha : 10,72%

## **II. NY TOENTRY NY TETI-BOLA**

Hadihadiana manaraka eto :

- Ny mampiavaka teti-bola 2006 sy ny fanantanterahana azy ampitahaina amin'ireo taona teo aloha

- Ny fivoaran'n'ny sora-bola nanomezan-dàlana sy ny vinavinan'ny tetibola taorian'ny tetibolam-panitsiana sy ireo didy amam-pitsipika
- Fanadihadiana ifotony ireo fanatanterahana ny teti-bola

#### TOETRA ANKAPOBENY NY TETI-BOLA 2006

##### A. Vinavina, fanantanterahana, vokatra

Ny vokatra farany ny fanatanterahana ny lalàna mifehy ny tetibola 2006 dia nofaranana tamin'ireto tarehimarika voalaza etsy ambany :

a) Fafana 3 : Vokatra ankapobe ny fanatanterahana ny lalàna mifehy ny tetibola 2006

LALANA laharana faha-2005-029 tamin'ny 29 desambra 2005 mitondra ny LALANA MIFEHY NY LALANA MIFEHY NY TETIBOLA 2006  
LALANA laharana faha 2006-023 tamin'ny 30 octobra 2006 mitondra ny LALANA FANITSINA MIFEHY NY TETIBOLA 2006

Ariary

FIZARANA	VINAVINA				FANATANTERAHANA			
	VOLA MIDITRA		FANDANIANA		VOLA MIDITRA	FANDANIANA	TOMBONY NY VOLA MIDITRA	TOMBONY NY FANDANIANA
	LFI 2006	LFR 2006	LFI 2006	LFR 2006				
<b>FIZARANA I</b>								
TETIBOLA ANKAPOBE		-		-	-	-	-	
a- Lahasa fampandehan-draharaoha	1 460 536 757 000,00	1 836 300 000 000,00	1 313 679 479 000,00	1 234 597 393 000,00	1 212 050 267 970,21	1 037 716 029 007,18		
b- Lahasam-pamokarana	480 000 000 000,00	486 327 500 000,00	1 262 684 000 000,00	1 359 969 021 000,00	-	493 014 454 939,68		
<b>FITAMBARAN'NY FIZARANA I</b>	1 940 536 757 000,00	2 322 627 500 000,00	2 576 363 479 000,00	2 594 566 414 000,00	1 212 050 267 970,21	1 530 730 483 946,86		318 680 215 976,65
<b>FIZARANA II</b>	-	-	-	-	-	-	-	
TETIBOLA ANANKINA								
a- Lahasa fampandehan-draharaoha	10 012 623 000,00	12 620 648 000,00	10 012 623 000,00	12 620 648 000,00	16 328 619 480,98	8 467 198 080,48		
b- Lahasam-pamokarana	2 283 323 000,00	2 283 323 000,00	2 283 323 000,00	2 283 323 000,00	-	1 741 736 732,60		
<b>FITAMBARAN'NY FIZARANA II</b>	12 295 946 000,00	14 903 971 000,00	12 295 946 000,00	14 903 971 000,00	16 328 619 480,98	10 208 934 813,08	6 119 684 667,90	
<b>FIZARANA III</b>	-	-	-	-	-	-	-	
FAMPIASANA NY KAONTY MANOKANA NY TAHIRIMBOLAM-PANJAKANA								
Fampiasana ny kaonty manokana ny tahirimbolam-panjakana	167 420 901 000,00	167 420 901 000,00	201 894 179 000,00	215 073 873 000,00	109 078 006 041,17	153 564 546 163,21		
<b>FITAMBARAN'NY FIZARANA III</b>	167 420 901 000,00	167 420 901 000,00	201 894 179 000,00	215 073 873 000,00	109 078 006 041,17	153 564 546 163,21		44 486 540 122,04
<b>FIZARANA IV</b>	-	-	-	-	-	-	-	
FAMPIASANA NY TAMBERIMBIDIN'NY VIDIN'ENTANA FANOMEZANA AVY ANY IVELANY								
Fampiasana ny tamberimbidin'ny vidin'entana fanomezana avy any ivelany	15 100 000 000,00	14 200 000 000,00	1 900 000 000,00	1 900 000 000,00	7 324 139 308,26	3 751 661 378,14		
<b>FITAMBARAN'NY FIZARANA IV</b>	15 100 000 000,00	14 200 000 000,00	1 900 000 000,00	1 900 000 000,00	7 324 139 308,26	3 751 661 378,14	3 572 477 930,12	
<b>FIZARANA V</b>	-	-	-	-	-	-	-	
FAMPIASANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA								
a) Trosa anatiny	-	-	-	-	-	-	-	
Fanadiovana/Fanangonana anatiny	27 800 000 000,00	47 800 000 000,00	27 800 000 000,00	88 503 000 000,00	-	-	-	
Taratasibolan'ny tahirim-bolam-panjakana	2 202 000 000 000,00	3 060 525 703 000,00	2 162 400 000 000,00	3 049 769 792 000,00	3 481 106 000 000,00	3 331 378 400 000,00		
Samihafa	-	-	46 600 000 000,00	46 623 000 000,00	-	32 473 820 165,60		
Rafitry ny banky	110 600 000 000,00	110 280 000 000,00	95 200 000 000,00	94 760 000 000,00	235 914 796 733,90	233 405 735 575,56		
Fandaniana fanavaozan-drafitra ny banky	-	-	-	-	-	-		
b) Trosa ivelany	-	-	-	-	-	-		
Trosa ivelany fohy ezaka	184 850 000 000,00	79 057 134 000,00	-	-	-	-		
Trosa ivelany akaiky sy lavitra ezaka	399 650 000 000,00	568 672 000 000,00	222 200 000 000,00	113 561 923 000,00	307 747 844 304,73	4 674 989 313 740,69		
Fanampiana avy any ivelany	-	-	-	-	-	-		
Sisa eo ampelatana azo etshina	77 900 000 000,00	-	-	4 301 786 000,00	-	-		
Famatsiam-bola manokana	208 500 000 000,00	164 013 750 000,00	-	325 537 200 000,00	-	-		
<b>FITAMBARAN'NY FIZARANA V</b>	3 211 300 000 000,00	4 030 348 587 000,00	2 554 200 000 000,00	3 723 056 701 000,00	4 024 768 641 038,63	8 272 247 269 481,85		4 247 478 628 443,22
<b>FITAMBARAMBENY</b>	5 346 653 604 000,00	6 549 500 959 000,00	5 346 653 604 000,00	6 549 500 959 000,00	5 369 549 673 839,25	9 970 502 895 783,14	9 692 162 598,02	4 610 645 384 541,91

Fatiantoky ny tetibola 2006

Fantiatoky ny fitantanana ny fampiasana ny tahirimbolam-panjakana

- 4 600 953 221 943,89



- 9 807 931,33

- 4 600 963 029 875,22

Kisary 1: LFI-LFR-FANATANTERAHANA NY VOLA MIDITRA SY NY FANDANIANA (Isaky ny Fizarana)

Ariary

	VOLA MIDITRA				FANDANIANA			
	LFI	LFR	FANATANTERAHANA	Taux	LFI	LFR	FANATANTERAHANA	Taux
<b>FIZARANA I</b>	1 940 536 757 000,00	2 322 627 500 000,00	1 212 050 267 970,21	52,18%	2 576 363 479 000,00	2 594 566 414 000,00	1 530 730 483 946,86	59,00%
<b>FIZARANA II</b>	12 295 946 000,00	14 903 971 000,00	16 328 619 480,98	109,56%	12 295 946 000,00	14 903 971 000,00	10 208 934 813,08	68,50%
<b>FIZARANA III</b>	167 420 901 000,00	167 420 901 000,00	109 078 006 041,17	65,15%	201 894 179 000,00	215 073 873 000,00	153 564 546 163,21	71,40%
<b>FIZARANA IV</b>	15 100 000 000,00	14 200 000 000,00	7 324 139 308,26	51,58%	1 900 000 000,00	1 900 000 000,00	3 751 661 378,14	197,46%
<b>FIZARANA V</b>	3 211 300 000 000,00	4 030 348 587 000,00	4 024 768 641 038,63	99,86%	2 554 200 000 000,00	3 723 056 701 000,00	8 272 247 269 481,85	222,19%
<b>FITAMBARAMBENY</b>	5 346 653 604 000,00	6 549 500 959 000,00	5 369 549 673 839,25		5 346 653 604 000,00	6 549 500 959 000,00	9 970 502 895 783,14	



b) Fafana 4 : Fanatanteraha ny tetibolan'ny Andrim-panjakana sy Ministera (Tetibola Ankapobe)

Ariary

Code	Andrim-panjakana/Ministera/Anjara raharaha	Karama	Fampandehanan-draharaoha				Sora-bola enti-mamokatra			Fitambarany
			Tambikarama	Entana sy raharaha	Famindram-bola	Fitambarany	Ivelany	Anatiny	Fitambarany	
<b>01</b>	<b>Fiadidiana ny Repoblika</b>					-				
010	Fiadidiana ny Repoblika	-	3 562 305 701,60	10 423 200 021,65	171 870 974,00	14 157 376 697,25	2 880 629 114,15	21 016 208 870,92	23 896 837 985,07	38 054 214 682,32
011	Fiadidiana ny Repoblika -F.T	2 254 476 641,53				-			-	2 254 476 641,53
<b>02</b>	<b>Antenimieran-doholona</b>					-			-	-
020	Antenimieran-doholona	-	-	781 787 864,00	-	781 787 864,00				781 787 864,00
021	Antenimieran-doholona -F.T	-	4 572 874 999,00	3 882 992 912,03	78 936 054,40	8 534 803 965,43	-	732 879 928,80	732 879 928,80	9 267 683 894,23
<b>03</b>	<b>Antenimieram-pirenena</b>					-			-	-
030	Antenimieram-pirenena	-	-	4 727 922 030,80	12 999 874,20	4 740 921 905,00		1 154 996 407,00	1 154 996 407,00	5 895 918 312,00
031	Antenimieram-pirenena -F.T	-	7 555 074 883,80	681 517 483,50	51 799 828,60	8 288 392 195,90			-	8 288 392 195,90
<b>04</b>	<b>Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana</b>					-			-	-
040	Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana	-	-	1 769 749,00	-	1 769 749,00		33 648 436,00	33 648 436,00	35 418 185,00
041	HCC-F.T	-	535 272 621,00	764 465 652,76	9 979 773,20	1 309 718 046,96			-	1 309 718 046,96
<b>05</b>	<b>GOVERNEMANTA</b>					-			-	-
050	Governemanta	-	126 853 352,60	515 063 678,39	111 578 842,20	753 495 873,19	13 696 505 300,80	14 449 720 891,60	28 146 226 192,40	28 899 722 065,59
051	Governemanta-F.T	4 106 153 891,20	60 326 532,00	964 892 693,01	228 014 839,60	1 253 234 064,61		800 531 522,36	800 531 522,36	6 159 919 478,17
<b>11</b>	<b>MINISTERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY</b>					-			-	-
110	Raharaha-bahiny		1 056 549 000,00	5 034 412 870,26	592 899 999,98	6 683 861 870,24		2 420 020 181,58	2 420 020 181,58	9 103 882 051,82
111	MAE-F.T	22 840 820 610,80	38 294 744,54	1 103 724 212,85	2 736 398 097,99	3 878 417 055,38			-	26 719 237 666,18
<b>12</b>	<b>MINISTERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA</b>					-			-	-
120	Fiarovam-pirenena		2 624 847 012,57	7 400 450 510,52	107 591 658,80	10 132 889 181,89		379 788 094,20	379 788 094,20	10 512 677 276,09
121	MDN-F.T	98 546 932 859,60	1 985 524 866,20	3 281 612 324,81	802 795 822,30	6 069 933 013,31		516 699 847,45	516 699 847,45	105 133 565 720,36
130	Filaminana anatiny		561 836 398,80	4 434 826 521,89	9 932 389,00	5 006 595 309,69		391 903 516,60	391 903 516,60	5 398 498 826,29
<b>14</b>	<b>MIRA</b>					-			-	-
140	Fandrarahana ny lafin-tany sy ny fanavaozana ny Fitondran-drahraham-panjakana		106 768 134,19	1 844 254 906,18	20 406 997,60	1 971 430 037,97		847 735 043,71	847 735 043,71	2 819 165 081,68
141	MIRA-F.T	8 028 391 870,60	12 979 245,88	5 380 180 881,37	51 499 985,10	5 444 660 112,35			-	13 473 051 982,95
<b>15</b>	<b>SEKRETARIAM-PANJAKANA MIANDRAIKITRA NY FILAMINAM-BAHOAKA</b>					-			-	-
150	Filaminam-bahoaka		8 634 000,00	1 014 373 184,69	109 613 532,10	1 132 620 716,79			-	1 132 620 716,79
151	SESP-Bonne Gouvernance	34 792 170 204,08	166 060 293,60	2 355 225 224,45	58 406 197,60	2 579 691 715,65		392 952 583,68	392 952 583,68	37 764 814 503,41
<b>16</b>	<b>MINISTERAN'NY FITSARANA</b>					-			-	-
160	Fitsarana		4 992 000,00	3 134 746 191,08	125 691 765,00	3 265 429 956,08		2 770 411 640,10	2 770 411 640,10	6 035 841 596,18
161	MINJUS-F.T	16 220 754 245,00	2 045 151 910,80	910 336 207,45	810 492 458,79	3 765 980 577,04			-	19 986 734 822,04
<b>17</b>	<b>MINISTERAN'NY FITSINJARAM-PAHEFANA SY NY FANAJARIANA NY TANY</b>					-			-	-
170	Fitsinjaram-pahefana	1 765 346,80	80 859 196,60	402 888 091,81	32 759 747 087,60	33 243 494 376,01		1 678 343 458,61	1 678 343 458,61	34 923 603 181,42
171	MDAT-F.T	1 213 714,40	5 042 125,00	72 438 739,80	-	77 480 864,80			-	78 694 579,20
620	Fanajariana ny tany		10 430 102,20	51 962 078,20	-	62 392 180,40	10 367 929 677,88	3 605 269 361,55	13 973 199 039,43	14 035 591 219,83
<b>21</b>	<b>MINISTERAN'NY TOE-KARENA, NY FITATANAM-BOLA ARY NY TETI-BOLA</b>					-			-	-
210	Fitatanam-bola		13 461 501,10	95 293 648 708,58	10 012 632 735,42	105 319 742 945,10	267 840 753,55	452 409 214,48	720 249 968,03	106 039 992 913,13
211	MEFB-F.T	49 056 563 683,40	37 826 059 981,80	1 991 795 980,08	369 563 985,20	40 187 419 947,08	13 544 003 851,09	11 560 814 602,17	25 104 818 453,26	114 348 802 083,74
230	Teti-bola		3 509 888 997,45	58 742 190 797,10	5 400 522 895,40	67 652 602 689,95	47 809 378,84	6 710 011 486,99	6 757 820 865,83	74 410 423 555,78
250	Toe-karena		27 559 540,80	171 908 590,60	113 235 710,00	312 703 841,40	1 407 765 080,79	1 603 775 020,10	3 011 540 100,89	3 324 243 942,29
<b>32</b>	<b>MINISTERAN'NY ASAM-PANJAKANA NY ASA ARY NY LALANA SOSIALY</b>					-			-	-
310	Asa sy ny lalana sosialy		4 400 000,00	95 898 976,82	-	100 298 976,82		48 785 120,00	48 785 120,00	149 084 096,82
320	Asam-panjakana			155 071 564,28		155 071 564,28		24 910 634,00	24 910 634,00	179 982 198,28
321	MINOPTLS-F.T	1 774 407 437,30	34 553 812,00	559 897 793,77	1 015 394 207,20	1 609 845 812,97		100 000 055,00	100 000 055,00	3 484 253 305,27
330	Fampiasana		-	58 877 462,60	-	58 877 462,60		113 455 805,00	113 455 805,00	172 333 267,60
<b>34</b>	<b>MINISTERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA, NY VAROTRA ARY NY FAMPANDROSOANA NY SEHATRA TSY MIANKINA AMIN'NY FANJAKANA</b>					-			-	-
280	Sehatra tsy miankina			161 787 471,20		161 787 471,20		39 471 115,68	39 471 115,68	201 258 586,88
340	Industria		4 999 271,60	205 962 019,80		210 961 291,40		354 006 033,18	354 006 033,18	564 967 324,58
341	MICDSP-F.T	2 710 854 111,00	28 552 040,30	2 984 477 292,29	5 165 624 412,00	8 178 653 744,59		586 909 811,20	586 909 811,20	11 476 417 666,79
360	Varotra			239 591 483,80		239 591 483,80		231 933 383,00	231 933 383,00	471 524 866,80


Code	Andrim-panjakana/Ministera/Anjara raharaha	Karama	Fampandehanan-draharaha				Sora-bola enti-mamokatra			Fitambarany
			Tambikarama	Entana sy raharaha	Famindram-bola	Fitambarany	Ivelany	Anatiny	Fitambarany	
41	<b>MINISTERAN'NY FAMBOLENA, NY FIOMPIANA ARY NY JONO</b>					-			-	
410	Fambolena		114 772 855,80	167 862 305,60	14 000 000,00	296 635 161,40	21 415 276 972,86	10 824 145 887,32	32 239 422 860,18	32 536 058 021,58
411	MAEP-F.T	11 227 732 850,60	509 504 193,60	1 859 348 980,96	5 638 702 492,40	8 007 555 666,96	402 182 369,46	928 085 008,13	1 330 267 377,59	20 565 555 895,15
420	Fiompiana		49 911 354,80	219 306 569,91	21 508 417,00	290 726 341,71	144 056 598,16	4 965 814 405,92	5 109 871 004,08	5 400 597 345,79
